**TIM Antananarivo Renivohitra** 2
**Asaramanitra ao amin'ny Magro Behoririka ny zoma izao**

**TIM Andoharanofotsy** 3
**Tsy mahalala afa tsy ny filoha Ravalomanana...**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 21 febroary 2023 Laharana 1404 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Voadaka i Tinoka** 3
**8 ireo ministra vaovao amin'ny governemanta Ntsay**


**TIM Talatamaty** 2

## Na nisy ny ramatahora tsy nahasakana ireo mpikatroka be



**Samia mailo, hamafiso ny fiarovana** 2

## Mety hiditra anio alina eto amintsika ny rivodoza Freddy



**Tranga mampalehelo tany Mahajanga** 6

## Baolina kitra niafara tamin'ny doro trano, mpianatra maro naratra



**Jean Nirina Rafanomezantsoa** 6

## Malagasy ny fitsaboana nentim-paharazana fa tsy internationale



**Depiote Todisoa** 7
Nanome fitaovana fanamboarana savony an'ireo mpiofana

**Kolontsaina** 7
Mitsidika eto Madagasikara ny mpanakanto malaza Garou

**Daka kely**



Tena tsy sahin'ialahy mihitsy zany ny mandaka an'i Ntsay sy Mama sôsy ry Boaikely a !

TIM TALATAMATY

# Na nisy ny ramatahora, tsy nahasakana ireo mpikatroka be



*Nafana dia nafana ny fandraisana ny filoha Marc Ravalomanana, tany Faralaza Talatamaty.*

Nifampiarahaba tratry ny taona ny alahady tolakandro teo, ny avy amin'ny antoko TIM Talatamaty distrikan'Ambohidratrimo. Na nisy ny ramatahora, tsy nahasakana ireo mpikatroka marobe tsy ho tonga tany Faralaza Talatamaty izany, tsy nahasakana ny filoha Marc Ravalomanana tsy ho tonga tany koa, satria hatreny Faravohitra misy ny trano fonenany, ka hatrany Faralaza Talatamaty, feno mpitandro filaminana nanao ramatahora ny filoha Marc Ravalomanana sy ireo mpikatroka TIM ao amin'ity kaominina ity. Na nisy izay ramatahora izay, tsy nahasakana ny filoha Ravalomanana sy ireo mpikatroka marobe izany. Nambaran'ny filoha Ravalomanana nandritra izany fa:"na maro aza ireo sakana, aza matahotra fa manana vahaolana isika." Hiroso amin'ny fifidianana isika, aoka samy hanaradalàna ny rehetra amin' izany, hoy izy. Tsy ekena ny fanoloana sefo fokontany raha depiote no hanao izany. Mbola nanentana ny rehetra hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana ny filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM sy ny TIM, mbola hatramin'ny faran'ny volana mey no azo anatanterahana izany. Ny sekretera jeneralin'ny antoko, Rina Randriamasinoro dia nanoritra fa: "ao isika hiray hina hiadiana amin'ny hala-bato". Sompitry ny vato amin'ny fifidianana ny distrikan'Ambohidratrimo, hoy kosa ny depiote Mamy Rabenirina, amin'ny maha-distrika faharoa lehibe indrindra eto Madagasikara ity distrika ity. Misorata ihany koa amin'ny lisi-pifidianana izay mbola tsy nanao izany, hoy ity olom-boafidy ity. Ny ben'ny tanànan'i Talatamaty, Elie Dominic dia nilaza fa hitazona ny maha-TIM an'i Talatamaty izy ireo. Ny depiote isany: Fetra Ralambozafimbololona sy Emilien Ramboasalamana kosa dia samy nanamafy, fa tsy hanaiky ny toy ny tamin'ny taona 2009 sy 2018 intsony ny TIM. Niatrika ny fotoana koa ny solontena avy amin'ny RMDM Christian Tabera, miroso hatrany isika, tsy misy marche arrière intsony, hoy ity mpanao politika tanora ity. Anisan'ny nanampy tamin'ny fikarakarana izao hetsika teny Talatamaty izao, ny Malagasy monina atsy amin'ny Nosy La Reunion Dokotera Sylvie Razafintsalama, sy ny mpiara-miasa aminy eto antanindrazana avy amin'ny tanora TIM eny an-toerana, Zo Rarivosoamboahangy.

**Isambilo**

TIM Antananarivo Renivohitra

# Asaramanitra ao amin'ny Magro Behoririka ny zoma izao

Hanatanteraka fifampiarahabana tratry ny taona ao amin'ny Magro Behoririka ny zoma izao, ny avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) eto Antananarivo Renivohitra. Hihaona ao mandritra io Asaramanitra io ny avy amin'ny antoko avy amin' ny Boriboritany 6 eto andrenivohitra. Araka ny fanambarana avy amin'izy ireo:"ny Antoko Tiako i Madagasikara Antananarivo renivohitra dia hanatanteraka : fiarahabana tratry ny taona sy fanentanana ny olom-pirenena hisoratra anarana anaty lisi-pifidianana. Ny Zoma 24 febroary 2023 ao amin'ny Magro Behoririka hanomboka amin'ny 08 Ora maraina. Fandaharam-potoana : fotoam-pivavahana - fanentanana ny olom-pirenena - sakafo mitam-pihavanana. Manatona ny tompon'andraikitra Foko TIM ho amin'ny fanazavana fanampiny. Mitondrà fitaovam-pihinanana. Tongava maro. SAHIA MIJOROA MITSANGANA."

**Niaina**



*Fotoan-dehibe etsy amin'ny Magro Behoririka ny zoma izao.*

Fiainan'antoko

# Niatrika fiofanana ny mpitarika TIM tany Ambilobe



*Ny fiofanana natrehan'ireo mpitarika ny antoko TIM tany Ambilobe.*

Niatrika fiofanana ny mpitarika ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tany amin'ny distrikan'Ambilobe faritra Diana ny faran'ny herinandro teo. Fiofanana mahakasika ny fanomanana ny fifidianana filohampirenena ho avy eto amintsika, ny fanentanana amin'ny fisoratana anarana amin'ny lisitry ny mpifidy, ny fomba fanaraha-maso izany lisipifidianana izany, ny fiomanana mialoha sy mandritra ary ao aorian'ny fifidianana ihany koa, no natao tamin'izany. Ireo mpitarika niofana ireo indray, no hanaparitaka ny fahalalana azony amin'ny mpikatroka amin'ny antoko any amin'ny misy azy avy, ao amin'ny distrikan'Ambilobe.

**Isambilo**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fitondrana Rajoelina sy famokaram-bary

## Resaka sy kabary ka mba hatao

Efa resabe fampiesonana fotsiny sisa izay ambarandRajoelina ato anatin'izao 7 volana haha eo amin'ny fitondrana azy. Ambara hatrany eto amin'ny gazety, fa « akoho tsy naneno ohatr'izay, lanin'ny kary ». Tsy ny fitondrana Rajoelina mihitsy no hisian'ny fahavitan-tena ara-tsakafo, indrindra ny ara-bary, ka sady hanondrana any ivelany. Resaka fe resaka ka mba atao, toy izay efa natao rehetra teo aloha izay. Efa tany am-piandohan'ny fitondrany no nilaza fa hotanterahina ny ezaka famokaram-bary sy ny sisa, fa aiza izany amin'izao fotoana izao ? Efa niaraha-nahita ny fomba fiasany sy ny zavatra nataony ary ny fiheverany an'io sehatra amin'ny famokaram-bary io, efa hatrany amin'ny andron'ny tetezamita nitondrany sy mandraka ny ankehitriny. Tamin'izao fitondrany farany izao aza, mifanohitra amin'izany no iarahamahita, fa miha-mitombo hatrany ny fanafaram-bary any ivelany. Miha-lafo hatrany ny vidim-bary eto antoerana, ary na nihafy niharitra ny fiakaran'ny vidimbary izay efa tafahoatra lavitra tamin'ny fampanantenana nataony nandritry ny fampielezankevitra aza ny vahoaka malagasy, dia efa tsikaritra ho manomboka ho reraka amin'izay. Ho hatraiza izay faharerahany izay ? indrindra amin'ny ankapobeny amin'ny fidangan'ny vidim-piainana na ny vidin-javatra ? Hisy fipoahana ara-tsosialy ve ? Izany ve no mampikoropaka ny fitondrana Rajoelina ankehitriny, ka hatsahatra ny asa amin'ny fotodrafitrasa, fa ny sosialim-bahoaka no iarahan'izy rehetra manao indray izao ? Efa tara loatra. Tsy vita ao anaty 7 volana velively, na haniry nify aza ny akoho araka ny fitenenana, ny fanarenana io sosialim-bahoaka io. Mba hanao ka mba hanao indray, fa lavaka be natao an-tsirambina amin'izany, fa variana nanao kajikajy politika fotsiny isak'izay mihetsika, tsy ho tototra intsony n'inona n'inona hatao. Raha mbola rovitra omby tondro tsy niraika, fa efa omby loha vao mody mikoropaka.

Izao indray aza, mbola misy ny fanotofana na fanapotehana tanimbary ho atao lalambe migodana. Mba firy hektara re ny velaran'ny tanimbary ho lasa sorona amin'izany? Tsy vitan'ny vava fotsiny ny manonitra izany, ka hanao tanimbary vaovao ho setrin'ny nopotehina. Voka-bary aman- taonina maro no foana ao anatin'izany kanefa ny setriny…? Hanafatra vary hatrany? Tsy misy tetikasa momba izany fanaovana toeram-pamokarana vaovao izany re tamin'izao fitondrana izao. Saika homena ny vahiny indray aza ny tany fambolen'ny malagasy no fantatra teo aloha. Dia tsy voajery mihitsy ilay malagasy tantsaha, fa manao mpitari-bato vilam-bava fotsiny rehefa tonga amin'ny toerana iray ka milaza fa mitsinjo ny tantsaha. Resaka na kabary ka mba hatao. Ahoana izao ny namahana ny olan'ireo tantsaha, teny amin'ny toerana hanombohana hanaovana ny lalambe migodana, izay nitaraina sy nalahelo mafy? Ny tany famboleny noesorina teo aminy, ny setrim-bidin'izany anefa zary tsy fantatra mazava, ary na hisy aza tsy araka ny sandany akory ka tsy hahafa-po azy ireo? Karazana tery vay manta ihany no natao azy ireo. Toy izany hatrany no mahazo ny vahoaka malagasy eto amin'ity firenena ity.

**Sôh'son**


PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Tsirava R.

Ny Valosoa sy hadihady

## Noho ny tsy fahaizan'ny mpitondra

# Miady vodilaharana amin'ny sehatra rehetra ity Nosy mpanakarena ity

Fanapahan-kevitra lehibe hiankinan'ny fiainampirenena eo amin'ny sehatra rehetra, no notapahin'ny filankevitry ny minisitra ny alarobia 15 febroary 2023, momba ny fanovàna na fanesorana minisitra sasantsasany. Raha ny fampitam-baovao nataon'ny ministiry ny Serasera sy ny Kolontsaina, Rakotondrazafy Lalatiana, no dinihana dia fanesorana minisitra (remaniement) no hisy, na dia efa nisaoran'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina aza ny mpikambana ao amin'ny governemanta rehetra tamin'io filankevitra io. Namafisin'ny minisitra ihany koa fa rehefa tafaverina avy any Addis-Abeba ny filohan'ny Repoblika dia hampiasa atidoha, tsy hatory andro aman'alina indray, hisivana sy hanao fanadihadiana ara-moraly an'ireo efa nihazakazaka nanatitra ny momba azy (CV), taorian'ny filazana ny fampihantonana ny governemanta. Nanambara ihany koa ny ministiry ny Serasera sy ny Kolontsaina, fa mihazakazaka mafy loatra ny filohan'ny Repoblika (efa tompondakaka amin'ity taranja ity ihany koa angamba izy, saingy tsy fantatra na im-piry na im-piry), ka misy ny tsy naharaka izany dia tsy maintsy soloina. Na dia ny tranga rehetra hatramin'ny naha-filohan'ny Repoblika an-dRajoelina Andry anefa dia ny sainy no mirifatra mafy loatra toy ny kapila "78 tours" taloha. Tsiahivina ireo noheveriny ho fampandrosoana teo amin'ny fotodrafitrasa : Làlampirenena faha-13, faha-44, faha-5 ; ny « fly over », ny fanorenenana trano fonenana ara-tsosialy (logements sociaux) dimy alina; ny fanangana hopitaly, CSB, sekoly manara-penitra. Raha ny « fly over » no resahina dia nofinofy fotsiny izany, fa tsy nivadika ho zavatra mivaingana ka mitohy ny fitohanana. Nanome toky ny filohan'ny Repoblika, fa ho tarihina ny « pipe-line » tany amin'ny Faritra Atsimo entina miady amin'ny haintany ary hanondrahana ny tany fambolena hanafoanana ny « kere » sy tsy fanjarian-tsakafo any an-toerana. Mitombo andro aman'alina nefa ny olompirenena any amin'iny Faritra iny matin'ny hanohanana kanefa fizarana vary masaka no nataon'ny filohan'ny Repoblika. Ny Làlampirenena aloha dia tsy nisy vita hatramin'izao. Ny trano fonenana dia tsy ny am-pahafolony akory no tafatsangana ary raha ny sekoly sy hopitaly ary CSB no jerena dia misy vita ary misy nolokoina lokom-boasary fotsiny ihany. Misy kosa anefa ireo natsangana antsokosoko eo anivon'ny minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina toy ny "colisée" ao amin'ny Rovan'i Manjakamiadana sy ny Tranoben'ny Kolontsaina tany Morondava, izay nirodana ho azy toy ny "château de sable". Araka izany dia tsy nisy nifanakalozan-kevitra sy tsy notapahahina tao amin'ny filiankevitry ny minisitra, ary mazava ho azy fa tsy voasoratra tao amin'ny Lalàna Tetibola Lasitra sy Lalàna Tetibola. Nasiampanitsiana ireo rehetra ireo fa notapahin-dRajoelina Andry, teny am-panidinana ka sarotra ho an'ny minisitra ny hanenjika ny ao an-tsain'ny filoha. Raha ireo no jerena dia ny ministiry ny Serasera sy ny Kolontsaina no lohalarana sy maharaka ny hazakazaka ataon'ny filohan'ny Repoblika, satria izy no miaraka aminy amin'izay diany rehetra any ivelany ka mihira hoe: "tiako zarainao amiko daholo ny nofinao mba hahafahako mahafantra sy maharaka dieny mialoha izay kasainao hatao, ka tsy hilaozanao lavitra toy ireo sasany aho…" Ny tsapa sy hita dia na ny Praiminisitra aza dia tsy maharaka ny hazakazaky ny filohan'ny Repoblika satria tsy afaka manery ireo mpikambana ao amin'ny governemantany hanatanteraka ny asa hifanaraka amin'ny hafainganam-pandehan'ny filoha. Ny parlemantera indray no teren'ny Praiminisitra sy hanaovany fandihadiana izay ny mifamadika amin'izany no mifanaraka amin'ny lalàna fototra. Raha ny tranga etsy sy eroa dia toa mihoatra ny mahery mihazakazaka noho ny filohan'ny Repoblika na mety mitovy hafainganam-pandeha aminy dia ireo mahatafavoaka volamena sy vato sarobidy any ivelany any. Ny tena manahirana dia tsy asian'ny filoha sy ny mpitondra tenin'ny governemanta mihitsy ny momba ireny kanefa ireny no tena mambotry ny Firenena sy mampahantra ny mpiray Tanindrazana. Torak'izany koa ny tsy fandriampahalemana satria toa mahery mihazakazaka noho ny filohan'ny Repoblika sy ny ao amin'ny governemanta ireo dahalo sy mpanao ratsy sy mpamono olona ary mpamaky trano. Araka izany ankalazaina ho "tompondaka" ny filohan'ny Repoblika sy ireo minisitra maharaka azy amin'izay tiany hatao, na tsy tanteraka aza ny ankabeazany, dia miady vodilaharana ity Nosy mpanakarena ity eo amin'ny sehatra rehetra.

***Andry Tsiavalona***

## TONONKALO

### Akon`ny fihaonan`ny mpiasa

Fanjakana be kabary fa tsy mahaloa karama,
Izay no misy ankehitriny raha ny tatitra voaray.
Ny hany mba voalambolambo dia ny tary sy ny akama,
Fa ny ankoatr`izay, indrisy, miharitra ny mahamay !

Laingalainga no mibahana, ary koa ny andrasoandraso.
(Be dia be ny peta-toko sy ny nofy tsy ho tanteraka!)
Raha fehezina dia tsotra: fanjakan`ny malaso,
Ka dia marobe ny mpiasa no efa noana sady reraka !

Fampiakarana karama, impiry impiry notenenina,
Saingy dia mitranga mihemotra toy irony lelon-jaza.
"Tsy mikaton-dohamalemy" no mitondra fa tsy afenina,
Hany ka tsy mahagaga, tsy voahaja izay voalaza !

Dia ny mpiasa no migoka sy mivesatra ny vokany,
Ary mihamahantra hatrany, tsisy fivoaram-piainana.
Ny nakotrika rehetra dia nivadika ho lamokany.
Ny mpitondra anefa, indrisy, tena tsy azony itarainana !

…Ka izany no hanaingàna f`efa tena "lera izao".
Aoka tsy ho variana intsony ry mpiasa Malagasy.
`Ndao hihetsika amin`izay fa mila izany izaho sy ianao.
Mila esorina ny ratsy tsy hibahana eto an-dasy !

***DADAN`i ZINA (19-02-23)***

TIM ANDOHARANOFOTSY

## Tsy mahalala afa tsy ny filoha Ravalomanana, hampandany azy

Nanatanteraka fifampiarahabana tratra ny taona ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ao amin' ny kaominina Andoharanofotsy, distrikan'Antananarivo Atsimondrano ny sabotsy teo. Niatrika izany ny avy amin'ny birao politikan'ny antoko, nahitana ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina, sy Julien Andriamorasata. Tonga maro ireo mpikatroka ao amin'ity kaominina ity tamin'izany. Nambaran'ireo nifandimby nandray fitenenana, fa tsy mahalala afa-tsy ny filoha Marc Ravalomanana izy ireo, ary hampandany azy amin'ny fifidianana filohampirenena hatao amin'ity taona ity eto amintsika. Nanamafy izany fanambarana izany ny Tanora TIM, ny Vehivavy TIM ary ny COMTIM Andoharanofotsy, nilaza fa vonona hampandany ny filoha Marc Ravalomanana izy ireo. Tokana ny asa miandry dia ny fanentanana ny olompirenena hiditra ao anaty lisi-pifidianana ihany koa.

***Stefa***



*Ireo avy amin'ny TIM Andoharanofotsy.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Faravohitra ka hatrany Talatamaty

## Nanao ramatahora an-dRavalo sy ny TIM indray ny mpitandro filaminana



**Arphine Rahelisoa Helisoa :** niasa be ny mpitandro filaminana androany alahady a! Faravohitra nihazo an'Ambohibao, Talatamaty hatrany Faralaza Talatamaty nanaovana fiarahabana tratry ny taona ny TIM TALATAMATY. Fa ahoana marina e?

**Antsa Andrianarilala :** fahatahorama no lehibe indrindra.

**Jean Desire Rhary :** aleo ovaina ny fijery. Namantsika ireny. Mba asaina miara-mifaly amin'ny manaraka e.

**Manandafy Rkt :** ny mahagaga ahy fotsin hoe: rehefa eto ny lehibe toa tsy misy an'ireny.

**Vonikazo FY :** prime dôly reny ko hihihi ! Rah dahalo no nenjehina, tsisy prime manko fa i DadaValo ahazoana prime manenjika azy.

**Patrick Andriamahefa :** sao dia noheverin-dry zareo fa hamangy an'i Pierre Bleu eny Ambohibao angamba ianareo!

**Arphine Rahelisoa Helisoa : Patrick Andriamahefa :** aleo mihomehy namana a!

**Fara Holinirina Ramiandrasoa : Patrick Andriamahefa :** hay izy eny no mipetraka? Ary mety izay marina fa manakotaba azy.

**Jocelyn Naritiana :** tena ilaina ny patrouilleurs ka, miasa mafy ireo…

**Martial Tovonirina :** nikarama be izany ry Mpitandro ny Fanakorontanana.

**Aina Ranaivo :** mandany andro fa tsisy atao ry mpitandro filaminana. Ny dahalo sy ny jiolahy nefa manao ny ataony tao tsy hitany.

**Mikhailov Ramanantsitohara :** vao maraina dia feno Talatamaty sy ny manodidina atahorana mafy dada.

**Jean Razafinaivo :** zahay koa hanao ! Sady tena ho avy masiaka a!

**Bruno Ramahenina Ranaivo :** ianareo kosa mampidera vangy, mailo ny olona.

**Clemence Ravaonielison :** mihorohoro ny Adve , vao mihetsika Dada Ravalomanana.

**Brigitte Rabakonirina:** ny jiolahy sy ny dahalo tsy voafehin'ny zandary, fa Ravalo ihany anefa no henjehina raha vao mihetsika, tena mampalahelo sy mahasosotra ilay fitondrana, tsy mahafantatra ny laharam-pahamehana mihitsy. Olona hifampiarahaba tratry ny taona ve no anaovana antsojay.

**Jonah Ramanambitana:** tena zandary kely asa mihitsy no misy eto amintsika, ny tsy fandriampahalemana tsy voafehy, nefa Ravalo ihany enjehina raha vao mihetsika.

Voadaka i Tinoka

## 8 ireo ministra vaovao amin'ny governemanta Ntsay

Nijoro omaly indray ny governemanta vaovaon'ny Praiministra Ntsay Christian. Voadaka ny ministra Tinoka Roberto, 8 ireo ministra vaovao ao amin'ity governemanta ity:

- Jeneraly Rakotoarijaona Josoa, ministry ny fiarovampirenena.
- Yvette Sylla, raharaham-bahiny.
- Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana, fitsarana.
- Rivotiana Richard Jean Bosco, asa sy ny asam-panjakana.
- Kolonely Andriarimihaja Liva Andrianatrehina, asa vaventy.
- Ramonjavelo Valerie, fitaterana.
- Soloniaina Rasamoelina Andriamanantsoa, angôvo sy ny akoran'afo.
- Andre Haja Resampa, ministry ny tanora sy ny fanatanjahatena.

***Isambilo***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fihaonan'ny filoha Marc Ravalomanana, tamin'ny TIM Talatamaty Ambohidratrimo ny alahady tolakandro teo.









Ny fifampiarahabana tratry ny taonan'ny antoko TIM Andoharanofotsy distrikan'Antananarivo Atsimondrano, ny sabotsy teo.









## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ary amin'izany andro izany dia hitsangana Mikaela, andrian-dehibe, izay mitsangana hiaro ny zanaky ny firenenao; ary hisy andro fahoriana, izay tsy nisy tahaka azy hatrizay nisian'ny firenena ka hatramin'izany andro izany; ary amin'izany dia ho afaka ny firenenao, dia izay rehetra hita voasoratra ao amin'ny boky."*

***Daniela 12:1***

### ANDRO FAHA-6 ORANGE PRO-LEAGUE 2022-2023

# Resy tao an-jaridainany ny Uscafoot



*Uscafoot vs Fosa Juniors Fc.*

Lavon'ny Fosa Juniors Fc an-jaridainany tamin'ny alahady 19 febroary 2023 teo ny Uscafoot, teo amin'ny andro faha-6 amin'ny fifaninanana "Orange Pro-League 2022-2023". Marihana fa tontosa avokoa ireo lalao niisa 8 rehetra voafaritry ny fandaharampotoanan'ity andro faha-6 ity, tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo. Ireo voka-dalao rehetra azo : "Conférence Sud" -Disciples Fc 2 – 0 Jet Kintana (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"). -Zanakala Fc 2 – 2 Cffa (kianja « Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa »), -Dato Fc 2 – 3 3Fb Toliara (kinja « Stade senthétique Manakara », -Elgeco Plus 1 – 1 Mama Fc Ilakaka (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"). « Conférence Nord » - Ajesaia 2 – 2 Tia Kitra Fc (kianja « Stade senthétique Ambohidratrimo »), - Cosfa 1 – 0 As Fanalamanga (kianja "Stade senthétique Mahitsy"), - Uscafoot 0 – 1 Fosa Juniors Fc (kianja « Stade Municipal Alarobia »), - Tffc 4 – 3 Asa Diana (kianja « Stade senthétique Ambohidratrimo »). Ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc ao amin'ny vondrona « Conférence Nord » manana isa (18) arahin'ny sy ny Disciples Fc « Conférence Sud » manana isa (10) no mitarika an'isa vonjimaika taorianan'io andro faha-6 io.

**Rainilita**

### Coupe des Sélections Régionales U19- 2ème phase

# Nahemotra tamin'ny ora farany

Noho ny fisian'ny rivodoza, izay tombanana hiditra an-tanety anio alina, dia nanapa-kevitra ny "Comité d'urgence" eo anivon'ny Federasiôna Malagasy ny Baolina Kitra, fa hahemotra amin'ny fialantsasatry ny Paska 2023 ho avy izao ny dingana faharoa amin'ny Coupe des sélections Régionales U19. Izany dia mba ho fisorohana ny loza rehetra mety hitranga ary indrindra indrindra, ho fitsinjovana ireo zanatsika mpilalao sy ireo mpisehatra hafa voakasika mivantana na ankolaka amin'ny fifaninanana.

**Rainilita**




*Coupe des Sélections Régionales U19 - 2ème phase*

### "RDJ's Alley Hoop FIBA 3x3 2023"

# Ny sokajy U17 sy U23 ary Séniors no handray anjara



*Alley Hoop 2019.*

Ny sokajy U17 lahy sy vavy, sy U23 lahy sy vavy ary Séniors lahy sy vavy, no handray anjara amin'ny hetsika basikety "RDJ's Alley Hoop FIBA 3x3 2023" amin'iny fiandohan'ny volana martsa 2023 iny, izay nisongadinan-dry Bila, Faralahy, Maryah, Marco, Vola... tafavoaka ho tompondaka tamin'ny taona 2019 ary ry Copain « Championne de concours de Tir pour la catégorie féminine », Elly « Champion de concours de Tir pour la catégorie masculine » ary i Steven mong «Champion de concours de Dunk ». Marihana fa ny onjampeo RDJ 96.6FM, miaraka amin'ny FMBB "Fédération Malagasy de Basket Ball" no tompo-mariky ny hetsika.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy anamamy ary angivy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao ritra izany, azo atao rony koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly fanadiovana voa

Fomba natoraly fanadiovana voa indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Jus atao anadiovana voa ( detox rein ). Pastèque + kôkômbra + kotomila + karaoty. Mixer-na miaraka nireo, tsy asiana rano, tsy asiana siramamy na tantely. Io no sotroina vao maraina iny.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Sandrakatsy any amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo


Ny tanànan'i Sandrakatsy any amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Sandrakatsy ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 16 mandrafitra ny distrikan'i Mananara Avaratra. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana izy, satria 229 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vita tar any lalana Mananara Avaratra Sandrakatsy teo aloha, saingy efa potika izany lalana izany ankehitriny.Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny lavanila, ny kafe, ny fary. Mpiompy akoho amam-borona koa ny mponina any Sandrakatsy.



SAMIA MAILO, HAMAFISO NY FIAROVANA

# Mety hiditra anio alina eto amintsika ny rivodoza Freddy

Samia mailo, hamafiso ny fiarovana, mety hiditra anio alina eto amintsika ny rivodoza Freddy. Rivodoza matanjaka (Cyclone Tropical Intense) ity rivomahery ity, miaraka amin'ny rivotra manodidina ny 210 km/h sy tafiotra 300 km/h any ho any. Tany amin'ny 1000 km atsinanan'i Toamasina no nisy ny foibeny omaly ary mizotra miakandrefana hatrany. Vinavinaina hiditra an-tanety eo anelanelan'i Vatomandry, Mahanoro, Nosy Varika, Mananjary sy Manakara anio talata alina i Freddy. Noho izay antony izay, miato ny fampianarana rehetra ao anatin'ny faritra Atsinanana hanomboka anio talata. Amin'ny alatsinainy heriny vao hitohy ny fampianarana. Mitsahatra ihany koa ny fifamoivoizan' ireo Taksibrosy mampitohy an'i Toamasina, Vatomandry, Mahanoro aorian'ny anio talata amin'ny 12ora atoandro mandrapitonian'ny toetrandro. Hikija ny rotsakorana (hihoatra ny 180 mm), hahery be na hisamboaravoara ny ranomasina (hihoatra ny 10 metatra) ary ahiana mafy ny fiakaran'ny ranomasina indrindra manamorona ny faritra hidirany an-tanety. Filazana fanairana miloko maitso : Analanjirofo, Atsimo Atsinanana, Alaotra, Analamanga, Itasy, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony, Ihorombe, Menabe, Ny distrikan'i Beroroha, Ankazoabo, Sakaraha, Morombe ary Toliara I-II. Araka izany dia iangaviana ireto faritra ireto mba hanamafy ny fiomanana ka hampihatra ny fepetra mikasika ny filazana loza manambana miloko mavo : Atsinanana, Vatovavy, Fitovinany Iangaviana ny mpampiasa ranomasina manomboka any Sambava ka hatrany Cap Ste Marie, mba tsy hiandriaka intsony manomboka ny alatsinainy alina, satria hiharatsy ny toetry ny andro nohon'ny alondrano izay haterak'i Freddy. Entanina ny rehetra, mba hanaraka akaiky ny fivoaran'ity rivodoza ity ary hanaraka mandrakariva, ny toromarika omen'ny manam-pahefana isan-tokony. Namely mafy ny tatsy amin'ny Nosy Maorisy ity rivodoza ity omaly.




***Niaina***

Tranga mampalehelo tany Mahajanga

# Baolina kitra niafara tamin'ny doro trano, mpianatra maro naratra

Tranga mampalahelo no niseho tany Mahajanga faritra Boeny ny alahady hariva teo, niafara tamin'ny doro trano ny lalao baolina kitra nataon'ny mpianatra tany an-toerana. Tao amin'ny Campus Ambondrona, Oniversite Mahajanga : may tanteraka ny bloc 22 misy ireo mpianatra avy ao Analalava. Kila tao ny entana rehetra, fitaovampianarana ary ny diplaoma ho an'ny sasany. Raha ny vaovao voaray dia disadisa taorian'ny lalao baolina kitra nihaonan'ny mpianatra avy any Analalava sy Bealanana samy avy any amin'ny faritra Sofia, no niantombohan'ny adin'ireo mpianatra. Nafana ny fo ka nifampitora-bato ary niafara tamin'izao tranga izao. Tsy ny fananana iombonana sy ny fananana manokana ihany no rava sy potika, fa maro koa ny mpianatra naratra na ny andaniny na ny ankilany. Miantso ny hanokafana fanadihadina mikasika izao tranga famotehana fananana iombonana, sy fifandratrana izao ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy Fikarohana Ara-Tsiansa. Na inona olana, tsy mety ny fandorana fananana iombonana, sy fananan'olontsotra toy izao nitranga izao.



*Tranon'ny mpianatra may tany Mahajanga.*

***Stefa***

Lalaon'ny Nosy 2023

# Tonga any Chine ny andiany voalohany amin'ireo atleta hiofana any

Tonga soa amantsara any Chine tamin'ny sabotsy teo, ireo andiany voalohany amin'ny atleta Malagasy, hisitraka fiofanana mahakasika ny fampivondronana iraisam-pirenena, ho fanomanana ny lalaon'ny Nosy andiany faha-11, izay ho tanterahina eto amintsika amin' ity taona ity, ka atleta niisa 15 avy amin'ny taranja Atletisma, 14 avy amin'ny taranja Haltérophilie, miampy mpanazatra iray avy ary tompon'andraikitra ara-taratasy 1 no tao anatin'izany.. Taranja 4: Atletisma, Haltérophilie Badminton ary Tennis de Table, izay ahitana atleta miisa 45 no hisitraka an'zany fampivondronana izany, fiaraha- miasa teo amin'ny Governemanta Sinoa ( 15 avy amin'ny taranja Atletisma, 14 avy amin'ny taranja Haltérophilie, 8 avy amin'ny taranja Badminton ary 8 avy amin'ny taranja Tennis de table miampy mpanazatra iray avy ary tompon'andraikitra ara-taratasy 1 no mandrafitra ny delegasiona Malagasy any Chine. Marihana fa nisy ny fampitaovana azy 51 mianadahy, izay nahitana fanamiana isan-karazany: " tennis, sac de voyage, sacs à dos".




*Ireo delegasiôna tonga any Chine.*

***Rainilita***

Jean Nirina Rafanomezantsoa

# Malagasy ny fitsaboana nentim-paharazana fa tsy internationale

Nitafa tamin'ny mpanao gazety tao amin'ny foiben-toeran'ny FITRAMA, tao amin'ny 67 ha ny filoha tale jeneraly ny FITRAMA, Jean Nirina Rafanomezantsoa ny faran'ny herinandro teo. Nambarany tamin'izany, fa manana ny toerana maha izy azy ny fitsaboana nentim-paharazana eto amin'ny firenena ankehitriny. Betsaka no efa nahazo tombontsoa sitrana tamin'ny alalan'izany, ka sarotiny izahay hoy Jean Nirina Rafanomezantsoa, satria tsy natao hisolokiana fa natao hanome fahasalamana ho an'ny mpiara-belona. Tokony ho entina amin'ny sehatra ambony eto amin'ny firenena hoy izy, ka hanaraka ny didy aman-dalàna sy ny fitsipika misy. Misy rafitra lehibe mifehy ny fampiroboroboana mpitsabo nentim-paharazana dia ny MTN izany. Mahitsy aho miteny hoy izy, fa ny mpitsabo nentim-paharazana Malagasy dia tsy mety ho mpitsabo internationale izany.

Manoloana izany indrindra dia hamerina sy hampianatra ary hampiditra mpiasa vaovao, mikasika ny fitsaboana nentim-paharazana izahay eto amin'ny FITRAMA, satria marobe ireo fangatahana manerana an'i Madagasikara. Io dia eo amin'ny 2 volana ka hatramin'ny 3 volana, no hanao ny fiofanana, ka tanora 18 taona no ho miakatra tsy manambady manana toetsaina tia tanindrazana sy vonona hampiroborobo ny fitsaboana nentim-paharazana, no miditra amin'izany. Fanandratana ny maha Malagasy no nataonay teto amin'ny Fitrama hoy ny filoha tale jeneraly, Jean Nirina Rafanomezantsoa, ka izay no mahatonga anay hanao fizaham-pahasalamana maimaimpoana: consultation gratuite isaky ny sabotsy sy alahady, ahafahana manampy ny mpiara-belona. Tsy misy hery miafina ny fitsaboana eto amin'ny FITRAMA, na mazia fa fitsaboana amin'ny alalan'ny hotra, zavamaniry ary sakafo. Ireo zavatra ireo no natiora ahafahana mitsabo ny olona iray. Mikasika izay dia tsy maintsy hatrehina ny tontolo iainana, satria miankina amin'ny tontolon'ny natiora toy ny rivotra, ny masoandro ary ny zavaboahary, izay fanafody fitsaboana sy ilain'ny vatan'ny olombelona. Ireo olona omena fiofanana dia tsy voatery hiasa amin'ny FITRAMA hoy Jean Nirina, fa afaka ampiasaina tsara ho an'ny mpiara-belona aminy fiofanana sy fampianarana omena azy.

***Helisoa***



*Ny filoha tale jeneralin'ny Fitrama, Jean Nirina Rafanomezantsoa.*

Championnat rugby XXL Energy Top 20

# Rava tsy lera ny lalaon'ny Cosfa sy ny FTM Manjakaray

Rava tsy lera, teo amin'ny fanombohan'ny fidirana faharoa, ny lalao farany nifanandrinan'ny Cosfa Miaramila sy ny FTM Manjakaray, teo amin'ny hetsika rugby fanokafana ny "Championnat 2023 XXL Energy Top20", natao teny amin'ny kianja kianja Makis Andohatapenaka, tamin'ny alahady 19 febroary 2023 lasa teo. Noho ny fanoherana ny fanapahan-kevitry ny mpitsara tamin'ny fampiatoana mpilalao telo be izao 10 minitra, izay nahazo karatra mavo nisesy avokoa no antony tsy netezan'ny Cosfa nanohy ny lalao intsony. Efa nitarika an'isa ny Cosfa Miaramila tamin'io nijanonan'ny lalao io. Feno hipoka aloha ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'io alahady io, satria efa elaela izay tsy nisian'ny lalao rugby ôfisialy izay. Ireo vokadalao rehetra tamin'ity fotoam-panokafana ity : XV Avenir 29 – 27 Makis U 20 B, Us Ikopa 12 - 48 Makis U 20 A, Tam Anosibe 37 - 28 Scb Besarety (Match Test), Cosfa Miaramila vs Ftm Manjakaray (Super Coupe).

***Rainilita***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**18/02/2023 hatramin'ny 25/02/2023**

- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/038 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 79 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1404-02-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### FIVOARAN'NY FAHANTRANA

# Eto amintsika ny delegasiona avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena

Mahakasika ny fivoaran'ny tahan'ny fahantrana eto Madagasikara, mitsidika eto amintsika amin'izao fotoana ny iraka avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena. Nihaona tamin'ny Praiminisitra, Ntsay Christian ny delegasiona mpahay toe-karena avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena omaly teny Mahazoarivo. Nidinika manokana mahakasika ny fivoaran'ny tahan'ny fahantrana eto Madagasikara ny roa tonta, ary nifanakalo hevitra momban'ny paikady hifehezana an'izany. Voalaza fa hanome tohana ara-bola ny Banky Iraisam-pirenena, amin'izay ady amin'ny fahantrana eto amintsika izay.



*Ireo iraka avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena.*

**Aly**

Depiote Todisoa

# Nanome fitaovana fanamboarana savony an'ireo mpiofana

Mitohy ny asa sosialy ataon'ny depiote avy amin'ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-6, Todisoa Andriamampandry. Nanome fitaovana fanamboarana savony an'ireo mpiofana manao savony, ao amin'ny boriboritany iadidiany ity olom-boafidy ity. Nomena maimaimpoana izany fitaovana fanamboarana savony izany, maimaimpoana ihany koa ny fanofanana omena azy ireo momba izany, ho an'ireo solontenan'ny mponina ao Anosisoa Ambohimanarina.
Izao no atao hoy ny depiote Todisoa dia mba ialana amin'ny tsy fananan'asa, ka ireo mponina no hivarotra mivantana ireo zava-bitany, mba hiteraka asa sy vola miditra ho azy ireo, amin'izao fiainana sarotra izao.

**Aly**



*Ny depiote Todisoa, nanome fitaovana ho an'ireo mpiofana hanamboatra savony.*

Kolontsaina

# Mitsidika eto Madagasikara ny mpanakanto malaza Garou



*Ny mpanakanto Garou ( ankavia).*


Mitsidika ny eto Madagasikara amin'izao fotoana ny mpanakanto vahiny malaza Garou. Tonga eto amintsika miala sasatra, any amin'ny Faritra Menabe, ny mpanakanto Kanadiana, Pierre Garand, izay fantatra amin'ny solon'anarana hoe Garou. Ireo harena voajanahary misy eto, no anisan'ny nisintona ity mpanakanto fata-daza maneran-tany ity.

**Niaina**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 424**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0423)

**Mitsivalana**
- Kitoatoa
- OH
- Rehareha
- Amidy
- Niaiky
- Roa – Ndao
- Ao – Ray

**Mitsangana**
- Karatra
- EM – OO
- Tehina
- Ady
- Aoriana
- The – Idy
- Haka
- Asa – Toy (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 424




**Mitsivalana**

**1.** Tsy lavitra, akaikikaiky **2.** Seranana malaza – Mari-bola **3.** Hain-teny **4.** Foto-tenin'ny Mijanona (BL) – Marika **5.** Tovona – Vohitra masina **6.** Renintsoratra tsy mitovy – Maizina **7.** Maridrefy – Marary (miv) **8.** Anarina, lazaina **9.** Fanontaniana – Fanadinana **10.** Karatra – Ambany - Tamy

**Mitsangana**

**A.** Mikambana **B.** Toetra ratsy – Heno **D.** Nametraka fanontaniana **E.** Miaraka amin'ny laona (miv) – Eka **F.** Kapoka – Loko (miv) **G.** Hita amin'ny voninkazo **H.** Fenomanana **I.** Tsy ekena **J.** Nahodina – Fahita lavitra **K.** Fiandohan'ny aretina - Varotana

### Valiny Teny mifanaraka 0423

**Mitsivalana**

**1.**Manodidina **2.** Avy - Olona **3.** Mifanaraka **4.** Paika - Ha (miv) **5.** Na - Orana (miv) **6.** Niditra - Id **7.** RK - BNI **8.** Aizina **9.** EM - Noa - Soa **10.** Ady - Tsihy

**Mitsangana**

**A** Mampandre **B.** Avia - Ma **D.** Nifindra **E.** Akaikiny **F.** Dona - Zo **G.** Ila - Taitra (miv) **H.** Dorana **I.** Ina - Basy **J.** Nakarin(a) - OH **K.** Ahodinay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana tany Faralaza Talatamaty distrikan'Ambohidratrimo, ny alahady tolakandro teo.





Ny antoko TIM, niatrika ny antsojay sy ny ramatahora nataon'ny mpitandro filaminana, hatreny Faravohitra, ka hatrany Faralaza Talatamaty.









Eo ambany fiahian'ny Filoha **Marc RAVALOMANANA**, mpanorina ny antoko TIAKO I MADAGASIKARA

*Fifampiarahabana tratry ny taona 2023*
*ho an'ANTANANARIVO RENIVOHITRA*

*Sady fanentanana ny vahoaka hisoratra anarana anaty lisitry ny mpifidy*

**Zoma**
**24 Febroary 2023**

**09 ora maraina**

**MAGRO BEHORIRIKA**